FARITRA VAKINANKARATRA

" TSARY MISY HARENA NOHO NY OLONA "

DINAN' I VAKINANKARATRA

Teny fanolorana

Raha nanao fitetezam-paritra ny tenako niaraka tamin'ireo mpiara-miasa amiko, niainga tamin'ny hetahetan'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny tany an-toerana, sy ny fahitana ny zava-misy, dia nahatsapa fa ilaina bebe kokoa ny firaisan-kinan'ny fokonolona sy ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay ary ny fifampifehezana mba hahazoana miatrika ny fampandrosoana sy handaminana ny fiaraha-monina ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra.

Izany no nipoiran'ity Dinan' i Vakinankaratra ity izay misy andininy 67 mahakasika ny lafim-piainana rehetra: ny fandriam-pahalemana ankapobeny sy ny halatr'omby, ny fifampifehezana momba ny asam-pokonolona izay tena ilaina amin'ny asa fampandrosoana tokoa, ny fahadiovana sy ny fahasalamam-bahoaka an-kapobeny, ary ny fiarovana ny tontolo iainana.

Ny dina sy ny vonodina dia tsy misakana velively ny fampiharana ny lalàna, ary ho hitantsika amin'ny isan'andininy ato fa na eo aza ny vonodina dia tsy maintsy ampiharina foana ny paik'ady fanenjehana ny fandikan-dalàna. Ary tsy ny fahazoana ny vola avy amin'ny vonodina no zava-dehibe, fa ny firindràna misy eo amin'ny fiaraha-monina, satria ny dina dia fifampifehezana isian'ny fitsipi-pitondran-tena sy anehoana ny firaisan-kina eo amin'ny daholobe ary ho fitsinjovana ny fandriam-pahalemana.

Ity dina ity dia niainga tamin'ny Dina Lasitra tovana amin'ny lalàna laharana faha- 2001-004 tamin'ny 25 oktobra 2001 anaovana ny fitsipika ankapobeny mifehy ny filaminam-bahoaka ary avy eo dia nitetezana ny Distrika rehetra manerana ny Faritra hanangonana ny hevitry ny maro, indrindra ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny. Izany hoe heveriko fa mamaly ny hetaheta sy ny filan'ny vahoaka sy mifanaraka amin'ny zava-misy any amin'ny Distrika, na Kaominina na Fokontany tsirairay avy ny voalaza ato.

Koa manainga ny vahoakan'I Vakinankaratra rehetra hanatanteraka sy hankato ity dina ity ny tenako hifanaiky ny hifampifehy, mba hifampitondrantsika mianakavy, satria ny taon-trano tsy vitan'ny irery. Manaraka ny paik'ady voalazan'ny lalàna voalaza etsy ambony, sy ny tenimita laharana faha- Tenimita laharana faha-112-MIRA/SG/DGRA/DELED tamin'ny 5 jiona 2003 momba ny dina sy ny vonodina isika amin'izany.

Nahazo fankatoavana ho fanomezan-kery ara-dalana avy amin'ny tribonaly mahefa eto amin'ny Faritra ny Dinan'i Vakinankaratra, araka ny didim-pitsarana laharana faha-357 tamin'ny 7 septambra 2010 avy amin'nyTribonaly ambaratonga voalohany Ambatolampy sy laharana faha-1147 tamin'ny 24 novembre 2010 avy amin'nyTribonaly ambaratonga voalohany Antsirabe

Mankasitraka sy mankatelina ny rehetra, ary samy ho tahian'Andriamanitra isika mianakavy ka hanjaka tanteraka eto amin'ny Faritra ny Fihavanana sy ny Fifankatiavana.

Antsirabe faha-10 desambra 2010

RAZANAKOLONA Andriamasitera Paul

TOKO I : FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy 1- Ity Dina ity dia atao mba hamoahana fepetra mba ho enti-mampirindra sy mandamina ny fiaimpiainana ara-tsosialy sy ara-toe-karena ary ny fandriam-pahaleman'ny mponina eto amin'ny Faritra Vakinankaratra.

Arak'izany, mifanaiky ny rehetra fa :

-Hifanohatohan-tsy ho lavo ka hifanampy sy hiara-mientana tanteraka;

-Hian-tsoroka ny fanabeazana ny mambra ao aminay;

-Hanangana fitsipi-pitondran-tena hitambarana mba hiarovana ny filaminana sy ny fandriampahalemam-bahoaka;

-Handray anjara amin'ny fampiroboroboana ara-toe-karena sy ara-tsosialy ao an-toerana sy ny fampandrosoana fiaraha-monina;

-Hanamafy ny firaisan-kina eo amin'ny ady atao amin'ny asan-jiolahy rehetra ary jerena manokana amin'izany ny mikaska ny halatr'omby, ny hala-botry ary;

Hiantoka ny fandriampahaleman'ny olona sy ny fananany, na mikasika ny mponina izany na ny olona vahiny ao an-tanana.

TOKO II: NY AMIN'NY FANDRIAMPAHALEMANA ANKAPOBENY

And.2.- Ny mponina rehetra ao amin'ny vohitra na ny tanana ato amin'ny Faritra dia tsy maintsy misoratra ao amin'ny rejistra fanisam-bahoakan'ny fokontany misy azy araka ny didy aman-dalana manan-kery.

And.3-Araka ny voalazan'ny andininy faha-24 ao amin'ny lalàna laharana faha-61-025 tamin'ny 9 oktobra 1961 mikasika ny sora-piankohonana, dia tsy maintsy anaovana fanambaràna any amin'ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana ao amin'ny Kaominina nitrangàny anatin'ny roa ambin'ny folo andro farafahatarany ny zaza teraka rehetra. Ny tsy fanajàna izany dia iharan'ny vonodina.

And.4- Izay olona rehetra manam-paniriana hifindra monina dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Lehiben'ny Fokontany ao amin'ny fokontany ialany, ny ankatoky ny fiaingana tanteraka .Tonga dia vonoina hatrany ny anarany ao amin'ny rejistra fanisam-bahoaka ary dia hisy fanomezana fanamarinana amin'izany. Toy izany koa, ireo tonga hiorim-ponenana, dia tsy maintsy manana taratasy fifindra-monina izy ary tsy maintsy izy entin'izay mpampiantrano azy na ny tompontrano hipetrahany any amin'ny fokontany miaraka amin'ny taratasy fifindra-monina sy kara-panondrom-pirenena.

And.5- Araka ny didy aman-dalana manan-kery, ny olom-pirenena rehetra 18 taona no mihoatra dia tsy maintsy manana kara-panondrom-pirenena.

And.6-Izay olona rehetra vahiny mijanona indray alina na alina maromaro ao an-tanana dia tsy maintsy anaovan'ilay olona mampian-trano azy filazana am-bava miaraka amin'ny kara-panondro sy/na pasipaoro any amin'ny mpiandraikitry ny fokontany ary tsy maintsy voasoratra ao amin'ny rejistra "bokim-bahiny" ao amin'ny fokontany.

Arak'izany, ny olona tsirairay ato amin'ny Faritra Vakinankaratra dia tsy maintsy manana pasipaoro rehefa handeha hivahiny, ary taratasy fanamarinana hafa ho an'ireo olom-boafidy sy mpiasam-panjakana mamita iraka. Tsy maintsy hamarinin'ireo tompon'andraikitry ny Fokontany izany isaky ny mivahiny amin'ny toerana iray.

And.7- Izay olona rehetra manam-paniriana hanana basy na fitaovam-piadiana nentim-paharazana sy hitana ary hitondra izany dia tsy maintsy mananja ny fomba arahina amin'ny fifehezana ny fitaovam-piadiana voalazan'ny fepetra ao amin'ny lalana laharana faha 69.011 tamin'ny 22 jolay 1969 sy ny didim-panjakana laharana faha-70-041 tamin'ny 13 janoary 1970 ary ny hitsivolana nasiam-panovana laharana faha 60-110 tamin'ny 29 septambra 1960.

And.8- Ny fitanana sy/na fitondrana fitaovam-piadiana tsy ahazoana alalana ara-dalana dia faizin'ny dina, izany anefa tsy misakana ny fepetra voalazan'ny and. 74 hatramin'ny 79 amin'ny lalana laharana faha 69-011 tamin'ny 22 jolay 1969 amin'ny fisehoan-javatra toy itony, ny Lehiben'ny Fokontany dia mampandre miaraka amin'izay ny Lehiben'ny andian'ny zandarimaria akaiky azy indrindra ary hitondra tatitra any amin'ny solon-tenam-panjakana tompon'andraikitra.

And.9- Rarana ny mitondra fiaidina na zava-maranitra toy ny lefona, ny antsy maranitra raha mamakivaky tanan-dehibe, ny tsena sy ny havoriam-bahoaka.

And.10- Izay olona rehetra mandray anjara amin'ny fitangorongoronana ka mitarika ady saritaka sy tabataba eny antsena na eny amin'ny làlana falehan'ny besinimaro ary koa eny amin'ny toeran-kafa misy havoriam-bahoaka dia hosamborin'ny fokonolona sy ny kartie mobila ary hatolotra eo no ho eo ihany ny manampahefana tompon'andraikitra sady ampiharana ny vonodina.

And 11- Amin'ny andro fety sy fampisehoana ary fihetsiketsehana samy hafa dia raràna ny mivarotra zava-posotro misy alikaola eny amin'ny toerana ankalamajana raha tsy efa nahazoana alalana avy amin'ny manampahefana tompon'andraikitra.

Izay olona rehetra tra-tehaka mamo eny an-kalamanjana sy an-karihary ka manankorotana ny filaminam-bahoaka dia ho faizin'ny dina. Izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny didy aman-dalana mikasika io.

And.12- Atolotra ny manampahefana tompon'andraikitra izay tsy misakana ny fampiharana ny vonodina izay rehetra mpamatsy zava-mahadomelina ary ireo olona rehetra midoroka zava-mahadomelina ka tratra ambodiomby.

Toy izany koa ny mikasika ireo rehetra izay mivarotra toaka voarara.

And.13- Ny fanimbazimbana fasana na toerana filevenana sy ny faniratsirana atao amin'ny fahatsiarovana ny maty ary ny fangalarana taolam-paty dia hampiharana ny vonodina. Izany anefa tsy misakana ny sazy lazain'ny lalàna.

And.14-Izay olona rehetra tsy manam-ponenana sady tsy manana fomba fivelomana ary tsy manana asa aman-draharaha na anton'asa fanao isan'andro ary koa izay rehetra tra-tehaka amin'ny fidonanam-poana dia hoterena hanantanteraka maimaim-poanany asa mahasoa ny besinimaro ho tombontsoan'ny kaominina ary izany dia tsy misakana ny famaizana voalazan'ny andininy faha-271 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana.

Marihina fa ireto Fokontanin'Antsirabe renivohitra manaraka ireto izay voakilasy ho anaty faritra an-drenivohitra dia tsy iharan'ity fepetra ity: Antsenakely, Avaratsena, Atsimontsena, Ivory, Ampatana, Ambalakisoa Bemasoandro, Mahazina, Ambohimena Sud, Ambohimena Nord, Antsirabe Afovoany Atsinanana, Tomboarivo, Ambalavato Sud, Soamalaza, Ampanataovana, Antsitabe Avaratra, Fitomilasy Bevokatra, Mahafaly, manodidina ny Gara, mahazoarivo Nord, Mahazoarivo Sud, Miaramasoandro, sy Tsivatrinikamo.

And.15- Any ambanivohitra, izay olona rehatra matanjaka 18 taona ka hatramin-ny 60 taona dia tsy maintsy manana, na kara-pamokarana ataon'ny Ben'ny Tanàna araka ny fanisana nataon'ny Lehiben'ny Fokontany, na taratasy hafa manambara ny asany.

And.16- Izay olona rehetra tra-tehaka manapotika ny voly na vokatra ampotony an'olokafa eo an-toerana dia faizin'ny dina ary atolotra ny manampahefana tompon'andraikitra ary izany dia tsy misakana ny fampiharana ny vonodina.

And.17- Izay olona rehatra tratra ambodiomby manao hala-botry eny an-tsaha na eny amin'ny toerana hafa voavoly dia hosamborina ka atolotra ny mpiandraikitry ny fokontany mba ho entina any amin'ny manampahefana tompon'andraikitra avy eo rehefa nanaovana fitanana antsoratra. Torak'izany koa ny mikasika izay olona tra-tehaka mangalatra biby fiompy. Tsy maintsy atao ny famerenana izany amin'ny tompony ambonin-ny fampiharana ny vonodina.

And.18- Izay olona rehetra tra-tehaka manimba na manapotika paompin-drano na toho-drano na taridranom-pambolena , fefiloha, toerana fanasan-damba, sekoly, tranom-panjakana na an'olon-tsotra, taozava-boakaly an'ny fanjakana na fanasoavam-bahoaka na foto-drafitr'asa hafa iraisan'ny be sy ny maro, dia iharan'ny dina no sady atolotra ny manampahefana tompon'andraikitra.

Raha tsy fantatra ny tompon-keloka tamin'ny fanimbana na fanampotehan-javatra dia ny fokonolona voakasik'izany ny mandray andraikitra ny fanarenana ny simba.

And.19- Ambonin'ny fampiharana ny sazy tondroin'ny vonodina, ny tompon'ny biby fiompy izay nanimba ny tanin'olona voafafy voa na misy voly dia voatery manonitra izany amin'ny niharan'ny fahavoazana. Izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny famaizana voalazan'ny andininy faha-472-13 ao amin'ny fehazan-dalàna famaizana.

Ny famelana ny biby hirenireny sy ny fiambenana azy manaraka ny lakandrano dia rarana ka ny fandikana izany dia iharan'ny vonodina.

And.20 Izay olona rehetra tratra mangalatra zavatr'olona na inona karazan'izany na inona dia terena hamerina amin'ny tompony ny zavatra nangalariny raha mbola tratra eo aminy izany na saziana handoa ny vola mitovy amin'ny teti-bidin'ny zavatra nagalariny amin'ny tompon-javatra very, ambonin'ny vonodina hampiharina aminy. Izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny famaizana araka ny lalana amin'ny ady heloka.

And.21 Ny fitoerana sy ny fananganana toeram-ponenana vonjy maika any an-tsaha dia tsy maintsy hanaovana fangatahana ao amin'ny Ben'ny Tananan'ny kaominina rehefa avy nangalana ny hevitry ny komitim-pokontany anaovana izany. Ho an'ny kaominina Antsirabe Renivohitra dia azon'ny Ben'ny Tanàna omena fahefana manokana ny lehiben'ny Fokontany hanome io alalana io.

Mikasika ireo trano foana tsy misy mipetraka dia tompon'andraikitra tanteraka amin'izany ny tompony, na izany aza dia tsy maintsy ankinin'ny tompony amin'ny fianakaviany na ny Fokontany ny fiandraiketana azy mba hahamora ny fanaraha-maso amin'ny fotoana rehetra ilana izany.

And.22 Ny fety sy ny lanonana nentim-paharazana ary ny fampisehoana an-tsehatra sy ny fihesiketsehana isan-karazany dia tsy maintsy anaovana filazana any amin'ny mpiandraikitry ny fokontany hisy izany ary alàlana avy amin'ny manam-pahefana tompon'andraikitra araka ny voalazan'ny didy aman-dalàna manankery.

And.23 Tokony hapetraka ny fitsipika arahin'ny tsena isan-kerinandro eo anivon'ny kaominina ambanivohitra. Ny fihetsika rehetra hatao hanakorotanana ny filaminana na mety hitera-pahavoazava ho an'ny fandriampahalemana sy ho an'ny filaminam-bahoaka na mitondra fanembatsembanana amin'ny fahafahana sy fiadanam-bahoaka, anisan'izany ny fivarotana zavatra tsy ara-dalana sy voarara, fanetsenana na fibahanana mihoam-pampana ny toerana iray, ny làlana, ny tsy fandoavana ny haba sy ny hetra isan-karazany, ny fivezivezen'ny vola sandoka, fahamamoana ankarihary eny ankalamanjana ary ny tsy fampiasana ny foto-drafitr'asa efa misy eo antsena toy ny latabatra efa natokana hivarotana dia iharan'ny vonodina.

And.24 Taratry ny firindran'ny fiaraha-monina ny fifanajana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka. Noho izany dia iharan'ny vonodina ny faniratsirana mivantana sy ankarihary ny mpitondra isan-tsokajiny.

TOKO III : MOMBA NY NY HALATR'OMBY

SOKAJY I

NY FANISANA SY NY FIVEZIVEZENA ARY NY FIVAROTANA NY OMBY

And.25 Araka ny fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha 2005-503 tamin'ny 26 juillet 2005 ny tompon'omby tsirairay avy na mpiompy omby raha tsy te-hiharan'ny vonodina dia tsy

maintsy manoratra ny filazana ilaina momba ny famantarana ireo omby tsirairay avy ao amin'ny kahie fanaramaso antsoina hoe: "bokin'omby".

Ny bokin'omby izay vidiana manokana any amin'ny Trano Printim-pirenena, dia tsy maintsy isaina ravina sy ataon'ny Lehiben'ny Boriborin-tanim-panjakana sonia rangopohy tsirairay avy, sosona telo mitovy no anaovana azy ka:

-Ny iray ho an'ilay voakasik'izany,

-Ny iray ho an'ny fokontany,

-Ny iray ho an'ny Lehiben'ny Boriborintanim-panjakana.

Ny fandikana ny fepetra eo ambony dia mitarika ny fampidirana ny omby tsy voasoratra any amin'ny toeram-panagiazam-panànana ary izany tsy misakana ny fampiharana ny vonodina;

And.26 Ho fitsinjovana ny fahasalaman'ny omby sy ho fanatanterahana ny voalazan'ny didim-panjakana laharana faha- 70-348 tamin'ny 23 jiona 1970, dia tsy maintsy atao vaksiny miaro amin'ny beary sy besoroka ny omby rehetra ato amin'ny Faritra Vakinankaratra. Indray mandeha isan-taona miaraka amin'ny famerenana aorian'ny 21 ka hatramin'ny 30 andro izany. Iharan'ny vonodina isan'omby tsy vita vaksiny ny tsy fanarahana io fepetra io.

Marihina fa isan'ny fanamarinana ilaina amin'ny fanaovana taratasy fivezivezen'ny omby ny kara-baksiny.

And.27 Tsy misy na iza na iza afaka mihambo ho tompon'ny omby izay tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ombiny;

Raha sendra ka misy fanambarana fahaverezan'ny omby tsy voasoratra ao anatin'ny bokin'omby, dia tsy misy taratasy fahazoan-dàlana hikaroka omby very azo omena azy.

Tsy maintsy manao izay iantohana ny fiambenana ny andian'ny ombiny ny tompon'omby rehetra, na eny rehetra eny na ao anaty vala, takiana ho ampy tsara sy hisy fifandanjan'ny isan'ny mpiandry omby sy ny isan'ny omby andrasana,

And.28 Izay fiovana rehetra mandritry ny taona mitranga eo amin'ny isan'ny omby indrindra indrindra nohon'ny fahaterahana, fahafatesana, fividianana, fanolorana, fanankalozana, fivarotana, famonoana, fahaverezana nohon'ny halatra dia tsy maintsy marihina ao amin'ny "bokin'omby".

And.29 Ny fifamoivoizan'ny omby dia tsy maintsy ampahafantarina mialoha ireo manampahefana tompon'andraikitra izay manome fahazoan-dalana na pasipaoro:

1-Mikasika ny fahazoan-dalana hahazoana mamindra kijàna ny omby ao anatin'ny Distrika misy azy, ny Lehiben'ny Fokontany no manome fahazoan-dàlana mikasika io; aseho amin'izany amin'izany ny kahie fanamarinana sy ny andian'omby.

Lazaina mazava ao anatin'ny fahazoan-dàlana ireo toerana samihafa fandalovana sy ny kijana hitondrana ny omby, tsy maintsy voamarin'ireo manampahefana tompon'andraikitra ao anatin'ny faritra andalovany io fahazoan-dalana io.

2-Ho an'ireo biby afindra kijàna any ivelan'ny Distrika misy azy, dia ny Lehiben'ny boriboritany no manome ny pasipaoro iray izay ampiarahina amin'ny takelaka taratasy misy ny famantarana ny biby hafindra.

3-Ho an'ireo omby entina hamidy ivelan'ny Distrika dia ny manampahefana voatondro io ambony io ihany no manome pasipaoro iray miaraka amin'ny famenony.

Amin'izany rehetra izany, raràna mafy ny fifamoivoizan'ny andian'omby mandritra ny alina.

Ireo mpiantoka omby ara-dalana na mpandroaka ombin-drato, dia tsy maintsy mampandre ny Lehiben'ny Fokontany raha hampandry na hitazona ombim-barotra ao amin'ny fokontany andro iray na maromaro.

Ny tsy firaharahiana ny fepetra eo ambony dia mitarika ny fampiharana ny vonodina izay tsy misakana ny fampidirana ny omby any amin'ny toeram-panagiazana.

And.30 Tsy azo atao afa-tsy eny amin'ny tsena atao hiantsonam-biby fiompy "arahi-maso" ny fivarotan'omby ary ao anatin'ny faritra nahazoan-dalana tamin'ny manampahefana tompon'andraikitra no anaovana izany.

Didim-pitondrana ataon'ny manampahefana tompon'andraikitra amin'izany no mandamina ireo tsena arahi-maso ireo araka ny tolo-kevitra naroson'ny Ben'ny Tanana.

Heverina ho toy ny novidiana an-tsokosoko ireo omby voasoratra ao anaty pasipaoro raha to ka tsy novidina teny an-tsena arahi-maso.

Ho raisin'ny manampahefana miandraikitra ny fanarahi-maso an-tànana izy ireny ka hampidirina any amin'ny toeram-panagiazam-pananana, izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny vonodina.

And.31 Feran'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanana ireo toerana ahafahana mampakatra omby anaty fiarakodia. Iharan'ny vonodina ny famatrarana omby ivelan'io toerana voafaritra io, ivelan'ny ampidirana azy anatin'ny toeram-panagiazam-panànana.

And.32 Mba hiarovana ny taranak'omby, ny fitsipika kaominaly no mihatra amin'ny fivarotana sy ny famonoana ny omby vavy. Vaomierana iray atsangana eo anivon'ny kaominina, no miandraikitra ny ny fanomezan-dalana hamonoana ombivavy.

Antony ampiharana ny vonodina izay fandikan-dàlana na fanaovana hosoka rehetra mikasika izany.

And.33 Eo ambany fanaraha-mason'ny quartier mobile na ireo mpiasa tendrena ho amin'izany, izay vatan-dehilahy matanjaka rehetra feno 18 taona ka hatramin'ny 55 taona dia tsy maintsy manara-maso ny kizo sy mifandimby mamafa dian'omby eo amin'izany kizo izany. Tsy afaka miala amin'izany izy ireo raha sendra tsy ohatra angaha ka sendra ny toe-javatra izay hita fototra fa tsy azo anoharana.

Ny Kaominina Manapa, Andrembesoa, Bemaha, Ambohimanambola ao amin'ny Distrikan'i Betafo, ary ny Distrikan'i Mandoto iray manontolo no ampiharana ny fe-petra voalazan'ity andininy ity. Ny vondron'ny Zandarimariam-pirenena sy ny manam-pahefana eo amin'ny faritra no mamaritra ny kizo

SOKAJY **II**

NY AMIN'NY FAMPITÀNA NY ANTSO FANAIIRANA SY NY FANARAHAN-DIA NY MPANGALATRA

And.34 Amin'ny alalan'ny fitsofana antsiva na hazolava na izay mety ho fitaovana hafa ahazoana mampita fanairana no ifampandrenesana miaraka amin'ny vava amin'izay rehetra halatr'omby miseho.

Ny tanàna mahare ny fanairana dia manana adidy tsy maintsy mampita izany avy hatrany amin'ny tanàna hafa manodidina, izay tanàna mahare nefa tsy manatanteraka io fomba io dia faizina araka ny dina.

And.35 Ny vatan-dehilahy matanjaka rehetra dia manana adidy hanara-dia mpangalatra, tsy afaka miala amin'izany adidy izany izy ireo raha tsy sanatria hoe marary na noho ny anton-javatra lehibe tsy azo hanoharana, izay rehetra mandà tsy hanatanteraka izany fepetra izany dia iharan'ny dina. Na dia izany aza:

- misy sokajin'olona sasantsasany, noho ny asa iandraiketany indrindra indrindra ny fonkionera sy ny olona miasa amin'ny fanjakana, ny lehilahy manao fanamiana, dia afaka tsy manao izany adidy izany.

- Mba ho fiarovana ny tanàna dia tsinjaraina ho andiany telo ny fandaminana ny fanarahan-dia: andiany voalohany ny "voro-mahery" ivondronan'ireo vatan-dahy matanjaka miaraka amin'ny fitaovam-piarovan-tena misy ao an-toerana izay mpanenjika ny mpangalatra omby avy hatrany, andiany faharoa "ny Manda" izay miandry sy miaro ny tanàna, ny andiany faha-telo ny "mpamatsy" manaraka aorian'ny voromahery manomana sy mitondra ny vatsy, sy ny taratasy fanamarinana mikasika ny omby raha tsy mbola nentin'ny "voromahery" izany noho ny hamehana.

And.36 Ny sara mety ilaina amin'ny fanarahan-dia, indrindra fa ny sakafon'ny mpanenjika, dia zakain'ny tompon'omby sy ny fokonolona.

Any amin'ireo kaominina voasokajy ho faritra mena na itrangan'ny halatr'omby matetika, ny fokontany dia tsy maintsy manangana tahiry manokana ho an'ny fanarahan-dia amin'ny alalan'ny fanangonana vary isam-patana mandritra ny fotoana fahavokaran'ny vary. Ny fivoriam-bempokonolona no mamaritra ny fatran'ny vary aloa isam-patana amin'izany sy ny tompon'andraikitra mitantana azy. Izany tahiry izany no amatsiana ny mpanara-dia ny omby very teo amin'ny Fokontany, na anampiana ireo mpanara-dia avy amin'ny Fokontany hafa mandalo eo an-toerana.

Any amin'ireo kaominina sisa hafa koa dia tsy maintsy apetraka io tahiry io, ary "tahirin'ny fandriam-pahalemana" no iantsoana azy. Ny tahirin'ny fandriam-pahalemana dia ampiasaina amin'ny fanarahandia, kartie mobila mamita iraka, fandraisana mpitandro filaminana, na adidy hafa momba ny fandriam-pahalemana.

Raha tsy misy ny halatr'omby dia azo avadika ampiasaina amin'ny fitantanana ny fandriam-pahalemana ny tahiry natokana ho an'ny fanarahan-dia voalaza etsy ambony rehefa tonga indray ny fanangonana ny tahiry manaraka.

Ho an'Antsirabe Renivohitra dia ireo Fokontany ambanivohitra voatanisa etsy amin'ny andininy faha-13 etsy ambony ihany no ampiharana ity tahirin'ny fandriam-pahalemana ity. Na izany aza dia azon'ny Fokontany an-drenivohitra atao rehefa notinapaka teo amin'ny fivoriambem-pokonolona ny tahiry amin'ny fanangonana vola na zavatra hafa.

Ny tsy fandoavana ny tahiry fanarahan-dia na tahirin'ny fandriam-pahalemana isam-patana dia iharan'ny vonodina.

And.37 Mba hisorohana ny fikorotanana mety hitranga amin'ny asa fanenjehana atao dia ny kartie rak a tompon'andraikitra na raha tsy misy izany dia ny mpiasa tendren'ny Ben'ny Tanana no miantsoroka ny fanaraha-maso ny olona eny ampandehanana amin'ny fihesika ratsy hataon'izy ireny.

Izay manimba na mangalatra zavatr'olona eny ampanarahan-dia dia faizina araka any dina, tsy maintsy haveriny amin'ny tompony ny zavatra nangalariny na honerany vola ireo olona niharam-pahavoazana tamin'izany, izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny famaizana voalazan'ny lalana

Ny mpanenjika mpangalatr'omby dia tsy maintsy mitondra miaraka amin'ny taratasy fanamarinana manondro izany asany izany, izay omen'ny Lehiben'ny Fokontany izay ipetrahan'ilay tompon'omby nangalarina

And.38 Izay olona rehetra mahafantatra ny fisian'ny halatr'omby dia tsy maintsy mampandre izany miaraka amin'izay ny Lehiben'ny fokontany eo amin'ny toeram-ponenana ka anjarany ity farany indray no mampandre ny fokonolona.

Arak'izany mba ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-18 ao amin'ny hitsivolana laharana faha-60-106 tamin'ny 27 septambra 1960 ny fokonolona voapandre arak'izany dia mandray izay rehetra fepetra ilaina mba hitadiavana sy hisamborana ireo tompon-keloka, arahina ny dian'omby, angonina ny zavatra tsara ho fantatra rehetra, alamina ny fomba fanenjehana. Amin'izany, dia afa-miditra ao amin'izay rehetra na trano na tany na velaran-tany lehibe na trano fiasana izy raha toa ka ao ny tompon'andraikitr'izany na ny olona nomena fahefana. Ny foto-kevitra miompana amin'ny tsy fahazoana manao ankeriny ny fonenana no mihatra amin'ny fisosososoana an-tanin'olona ka dia tsy maintsy manaja ny raharaha ifanatrehana.

SOKAJY **III**

NY ANDRAIKITRIN'NY FOKONOLONA TSY MAHATAFAVOAKA NY DIAN'OMBY SY NY FIAMBENANA VONJIMAIKA NY OMBY HITA

And.39 Raha very eo amin'ny toerana (kijàna na kizo) na tanàna iray ny dian'omby na ny dian'ny mpangalatra dia omena 24 ora ny mponina ao mba hitadiavana ny dian'omby.

Raha dila io fe-potoana io ka tsy nahitam-pahombiazana izany dia saziana izy ireo hanonitra omby mitovy isa sy habe amin'ny very ho an'ny tompon'omby na mandoa vola mitovy amin'ny vidin'ny omby very.

Raha nohon'ny anton-javatra voajanahary kosa anefa no mahavery ny dian'omby ohatra raha tahiny ka orana na rivotra na làlana vita amin'ny godirao no nampanjavona izany dia tsy mihatra amin'ny fokonolona voakasik'izany ny fameranana amin'ny tompon'omby na fanonerana voalaza etsy ambony.

Ny Kaominina Anjoma, Vasiana, Mandoto, Ankazomiriotra sy Antanambao Ambary ao anatin'ny Distrikan'i Mandoto, sy ny Kaominina Anosiarivo Manapa, Andrembesoa, Alarobia Bemaha ary Ambohimanambola anatin'ny Distrikan'i Betafo ihany no iharan'ity fepetra voalazan'ity andininy ity.

And.40 Raha misy fokonolona ao amin'ny tanàna iray, eo ambany fitarihan'ny Lehiben'ny Fokontany mahita fototra sy mahatratra omby halatra, mandritra ny fanaraha-maso ataony, dia entiny

any amin'ny toeram-panagiazam-panànana ao amin'ny Kaominina misy azy ireo omby ireo na hiantohany ny fiambenana vonjimaika an'ireo mandra-pahatongan'ny tompony.

SOKAJY IV
NY AMIN'NY FAMOTORANA ATAON'NY FOKONOLONA

And.41 Raha sendra misy halatr'omby miseho dia afaka manao famotorana ampahibemaso ny voapanga sy ny vavolombelona ny fokonolona izay tsy misakana ny zo hiaro-tena, na izany anefa dia tsy azo tazonina mihoatra ny 24 ora izy ireo.

Hisy fitanana an-tsoratra ataon'ny Lehiben'ny fokontany na solontenany mikasika izany.

Rehefa vita ny famotorana ataon'ny fokonolona,dia entiny eo amin'ny komity mpanatanteraka ny dina voalaza ao amin'ny andininy faha 40 eo ambany mba hanaovana fiantsoana na sy fihainoana ny niharam-pahavoazana sy ny voapanga ary ny vavolombelona, ary dia atao koa ny fanatanterahana ny dina,

Aorian'ny fanapahan-kevitry ny komity mpanatanteraka ny dina dia entina any amin'ny manampahefana tompon'andraikitra ny voapanga ka azo ampiasaina amin'izany ny gadra vy na rojo fitarihana araka ny fisehoan-javatra, ny fitanana an-tsoratra ny famotorana nataon'ny fokonolona ary ny natao mba hahitana fototra ny fanatanterahana ny dina dia tsy maintsy atovana amin'izay nataon'ny mpiasa mpitandro ny filaminana.

SOKAJY V
NY AMIN'NY FILAZANA IZAY HEVERINA HO HALATR'OMBY

And.42 Atao hoe tratra ambodiomby amin'ny halatr'omby miseho:

l-Ny olona tratra mandroaka omby halatra,

2-Ny mpanafina omby halatra;

3-Ny olona izay manova an-tsokosoko ny famantarana ny omby mba hamadihany an'io ho fananany sy ny olona manao pasipaoro na "bokin'omby" hosoka.

And.43 Heverina ho mpiray tetika amin'ny mpangalatra omby ny fokonolona ao amin'ny tanàna iray na maro izay tao aminy no tsy hita intsony ny dian'omby na izay nanadino ny namafa ny kizo na tsia nampita ny antso fanairana na nanda tsy hanaraka ny dian'ny mpangalatra

Ny olona tsy tratra mangalatra ambodiomby nefa fantatra fa miharihary taty aoriana,vokatry ny famotorana nataon'ny fokonolona,fa tena nangalatra, dia ho samborina ary aterina any amin'ny manampahefana rehefa avy nanaovan'ny Lehiben'ny Fokontany na ny solontenany fitanana an-tsoratra.

Torak'izany koa ny olona izay mitana omby na hen'omby na ampahany hafa amin'ny omby mampihahiahy na tsy fantatra ny fiaviany.

Ny olona manao fanendrikendrehina tsy misy porofo dia heverina ho toy ny mpangalatra ihany koa ka faizina arak'izany.

And.44 Heverina ho toy ny mpangalatr'omby ary voasazin'ny dina arak'izany, na iza na iza nahafantatra ny tompon-keloka tamin'ny fangalarana omby ka tsy nanondro izany tamin'ny manampahefana, na nahafantatra ny toerana hialokalofany ka tsy milaza izany, izany anefa tsy misakana ny famaizana voalazan' ny lalàna manan-kery.

SOKAJY VI
NY AMIN'NY FAMERENAN-JAVATRA SY NY FANONERANA

And.45 Ho fampiharana ny voalazan'ny lalàna anaovana ny fitsipika ankapobeny mikasika ny dina eo amin'ny lafiny fandriampahalemam-bahoaka, ny fanatanterahana ny fanavahana voalazan'ny dina dia zahan'ny komity mpanatanteraka ny dina fototra.

Ny fitanana an-tsoratra manamarina ny fanatanterahana ny fandavana ny fanatanterahana ny fanavahana arak'izay voalazan'ny dina dia atao sosony maromaro ka ny filohan'ny komitin'ny dina no mikarakara izany.

Ny tribonaly, ny manampahefana ara-pitondrana eo an-toerana sy ny zandarimaria eo an-toerana dia samy andefasana tsirairay an'izany avy.

And.46 Izay rehetra mpangalatr'omby na izay rehetra mpiray tetika amin'ny mpangalatr'mby lazain'ny andininy faha 37-38 etsy ambony dia tsy maintsy mamerina amin'ny tompony ny omby nangalariny na mameno izay banga amin'ny isany. Izany anefa tsy misakana ny fampiharana ny vonodina aminy ary ny fanenjehina ara-pitsarana azy.

Raha tsy manana omby hanonerana amin'ny tompony ny mpangalatra na vola mifanandrify amin'ny vidin'ireo omby nangalarina izy, dia ho entina eny amin'ny tribonaly mahefa ao amin'ny faritra ny raharaha, aorian'ny fifampidinihana ataon'ny komity mpanatanteraky ny dina mba hampiharana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 16 bis ao amin'ny hitsivolana laharana faha 60-106 tamin'ny 27 septambra 1960, indrindra indrindra mba hanatanterahana ny fiaraha-mizaka amin'ny vadiny n any havan'ilay voaheloka io sazy io amin'ny alalan'ny fananan'izy ireo manokana avy

TOKO IV

NY AMIN'NY FAHADIOVAN'NY TANANA SY NY FAHASALAM-BAHOAKA



And.47 Ny trano fonenana, ny toeram-piompiana sy ny momba azy, ny làlana ary ireo tatatra famoahan-drano dia tsy maintsy tazonina hadio sy hifanaraka amin'ny fahasalamana lalandava.

And.48 Rehefa atahorana hitera-doza ho an'ny fahasalaman'ny olona izay mipetraka ao aminy na ny olon-kafa ny toetran'ny trano iray, dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Ben'ny Tanana ny tompony na ny mpanofa ny trano mba handraisan'ireto farany ny fepetra mikasika izany.

And.49 Tsy maintsy manana lava-piringa sy lava-pako ny trano fonenana tsirairay avy. Iarahan'ny tompon'andraikitra na rafitra ara-pahasalamana amin'ny Komitin'ny Dina sy ny ny manam-pahefana eny an-toerana ny fanatanterahana ity fepetra ity.

Rarana ny manary na mamela loto na diky na fatim-biby eny ivelan'ny toerana natokana ho amin'izany.

Ny tsy fananana lava-piringa sy lavapako, ary ny fanariana maloto, diky, fatim-biby ivelan'ny toerana natokana ho amin'izany dia iharan'ny vonodina.

And.50 Na iza na iza mampiditra zavatra mety handoto ny rano, ny loharano, ny fatsakana, ny lava-drano, ny fanangonan-drano dia faizinan'ny dina izay tsy misakana ny sazy voalazan'ny fehezan-dalana famaizana.

And.51 Izay olona rehetra mahafantatra ny fisian'ny aretina mampihahiahy dia tsy maintsy milaza hainga any amin'ny Lehiben'ny fokontany sy ny Ben'ny Tanàna ary ny manampahefana momba ny fahasalamana.

Ho fampiharana ny didy aman-dalana manakery, ny fahafatesana noho ny areti-mifindra dia tsy maintsy anaovan'ny fianakaviana na ny zokiolona fanambarana eo no ho ihany any amin'ny Lehiben'ny fokontany sy ao amin'ny Ben'ny Tanàna a ary ao amin'ny manampahefana momba ny fahasalamana.

Ho entina miady amin'ny pesta any amin'ireo kaominina ahitana izany dia anjaran'ny tompon'andraikitry ny fahasalamana any an-toerana ny mandroso fepetra amin'ny Lehiben'ny Distrika handraisan'ity farany didim-pitondrana, indrindra mikasika ny ady amin'ny voalavo sy ny tsy tokony hanaovana ny famadihana mandritra ny fe-potoana voafetra ireo ahiana ho matin'izany aretina izany. Iharan'ny vonodina ny tsy fanarahana ireo fepetra noraisin'ny Lehiben'ny Distrika ireo.

And.52- Ny hanimasaka amidy eny antsena na toeram-pivarotana dia tsy maintsy atao anaty vata fitaratra, ambony latabatra azo sasana, ary tsy raisina mivantana amin'ny tànana mba hiarovana azy amin'ny loto. Ankoatr'izany, ny toeram-pisakafoanana dia tsy maintsy mametraka savony sy rano ahafahan'ny mpanjifa manasa tànana.

Ankinina amin'ny kaominina tsirairay, raha hita fa ilaina izany, ny mamaritra ny refin'ny vatafitaratara isaky ny mpivarotra.

Ny tsy fanajana izany fepetra izany dia iharan'ny vonodina.

Ho an'ny tsena misy rano fisotro madio, dia iharan'ny dina ny fampiasana rano ivelan'izany amin'ny fikarakarana sakafo hamidy eo an-tsena.

And.53- Ny fivarotana henan-kisoa misy voavary sy ny hena efa simba ka efa maimbo ary nohamarinin'ny tompon'andraikitry ny fitsirihana ny hena izany fahasimbany izany, dia iharan'ny vonodina, ankoatry ny hampiharana ny lalàna manan-kery.

Toy izany koa, ho an'ireo faritra na tanàna manana toerana manokana famonoana biby na abatoara dia raràna ny mamono omby na kisoa na biby hafa ivelan'ireo toerana voatondro hanaovana izany.

TOKO V: MIKASIKA NY ASAM-POKONOLONA

And 54- Ny asam-pokonolona dia fandraisana anjaran'ny be sy ny maro feno 18 taona ka hatramin'ny 55 taona miandahy miambavy amin'ny fanaovana asa iombonana momba foto-drafitr'asa na andraikitra hafa mahasoa ny daholobe.

Ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa birao, mpampianatra, ny mpianatra, dia tsy mandray anjara amin'ny asam-pokonolona mampiasa sandry amin'ny andro fiasana sy fotoam-pianarana. Afa-tsy ny mpianatra, ireto farany kosa, any amin'ireo fokontany efa zatra nampihatra izany, dia manome solon'asa mifanandrify amin'ny karaman'ny saraka an-tsaha eo an-toerana.

Tsy maintsy manana karinen'asam-pokonolona ny tsirairay amin'izany izay hamarinin'ny tompon'andraikitry ny Fokontany isaky ny misy asa atao.

And.55- Anjaran'ny fikambanan'ny mpampiasa rano no mitana ny hatsaran'ny toetry ny taridranom-pambolena ao amin'ny fokotaniny indrindra indrindra ny manala ny fotaka na koa ny fikojakojany izany.

Tsy maintsy diovina indray mandeha isan-taona farafahakeliny ny lakandrano, izany dia ankoatry ny mety ho fanadiovana maika vokatry ny fahatsentsenana.

Rarana ny manentsina vavarano fitsinjarana ny taridranom-pambolena itambarana na mamilivily ny zotran'ny rano ao amin'ny lakan-drano afa-tsy ny nahazoana alalana manokana avy amin'ny tompon'andraikitry ny fitsinjarana. Toy izany koa ny manàtsaka ny fefiloha na tahalaka miaro ny lakan-drano.

And.56- Anjaran'ny Fokonolona isan-tanàna no mitana ny hatsaran'ny làlana sy ny fikojakojana azy. Ho fanatanterahana izany dia manao asam-pokonolona isan-taona farafahakeliny ny fokonolona ankoatry ny fikojakojana maika vokatry ny fahasimban'ny lalana.

Ho an'ny Fokontany: ny fotoana anaovana izany asa izany dia dinihana sy tapahan'ny Komitim-pokontany miaraka amin'nireo vaomiera miara-miasa aminy. Andefasana tatitra momba izany ny Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Boriborin-tany izay tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny asam-pokonolona.

Arak an Kaominina no mandray fanapahan-kevitra, dia ny Ben'ny Tanàna eo am-pivorian'ny birao mpanatanteraka no mamaritra ny làlana hamboarina, ny fotoana anaovana izany ary ny fokonolona voakasika.

Eo anivon'ny Distrika dia fanapahana raisin'ny lehiben'ny Distrika no amaritana ny lalana hamboarina, ny fotoana anaovana izany ary ny fokonolona voakasika.

And.57- Mba hitandroana ny hatsaran'ny làlana dia apetraka amin'ny làlam-paritra sy làlana kaominaly manerana ny faritra Vakinankaratra ny hidin-dàlana amin'ny orana. Didim-pitondrana raisin'ny lehiben'ny Distrika no amerana ny faharetan'ny fanidiana ny làlana mandritra sy aorian'ny

orana. Ny tompon'ny fiara sy ny sarety mandika ny fanajana izany hidin-dalana izany dia iharan'ny vonodina.

And.58- Ny fivoriam-bem-pokonolona no mamaritra ireo asam-pokonolona hafa na fandraisana anjara ara-bola na ara-pitaovana hanaovana foto-drafitr'asa iombonana. Eo anivon'ny kaominina dia ny Filan-kevitra amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra miainga amin'ny tolon-kevitry ny birao mpanatanteraka no mamaritra io fampandraisana anjaran'ny Fokonolona io.

And.59- Ny fokonolona isan-tanana dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny fiambenana ny tanàna amin'ny alina. Ny Lehiben'ny Faritra, na ny Lehiben'ny Distrika, n any Ben'ny Tanàna na ny Komitim-pokontany no manapaka ny fisian'ny fiambenana isan-tanana. Apetraka amin'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny kartie mobile ny fandaminana sy ny fandrindrana izany fiambenana izany. Raha misy tobin'ny zandarimaria sy polisy eo an-toerana dia anjarany ny mandrindra izany miaraka amin'ireo tompon'andraikitra voatanisa etsy aloha.

Azo atao ny manao solom-piambenana na mandefa solon-tena ho an'ireo fokontany efa zatra amin'izany fandaminana izany.

And.60- Ny tsy fandraisana anjara amin'ny asam-pokonolona rehetra voalaza eo ambony afa-tsy noho ny antony tsy azo ihoarana toy ny aretina dia iharan'ny vonodina.

And 61- Ny tsy fanatrehana fivoriam-bem-pokonolona ho an'ireo feno 18 taona no miakatra dia iharan'ny vonodina

TOKO VI- MOMBA NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

And.62 Araka ny fepetra voalazan'ny hitsivolana laharana faha-76-030 tamin'ny 21 Aogositra 1976 ny doro tanety dia iharan'ny sazy mafy sy henjana: ny tompon-keloka amin'ny fandoroan-javatra na inona karazan'izany na inona dia atolotry ny komitim-pokontany any amin'ny manam-pahefana tompon'andraikitra izay tsy misakana ny vonodina ampiharina aminy. Ankoatry ny vonodina dia tsy maintsy mamboly hazo amin'ny ampahany na manontolo araka ny tapaky ny komitin'ny dina izy.

Rehefa tsy fantatra ny tompon-keloka amin'ny fandoroana, dia ampiharina amin'ny fokonolona ny vonodina. Amin'izany rehetra izany dia tsy maintsy manao fambolen-kazo eo amin'ny toerana main'ny afo ny fokonolona.

And.63 Ny fambolen-kazo atao fefin-tanana dia tsy maintsy karakarain'ny tompon'ny. Iharan'ny vonodina ny tsy fanaovana izany.

And.64 Raha misy tanety na faritra mirehitra dia manana adidy ny fokonolona eo amin'ny tanana akaiky izany indrindra hamono ny afo. Ankinina amin'ny Fokontany na ny kartie mobile eo an-toerana ny fandaminana izany. Iharan'ny vonodina ny tsy famonjena ny vono afo araka ny fandaminana napetraka.

And.65 Ny fanapahana antsokosoko ny hazo eny amin'ny alam-panjakana, na hazom-pokonolona, na hazom-pikambanana isankarazany, dia iharan'ny vonodina. Raha tsy fantatra ny nanao ny heloka dia ny fokonolona eo an-toerana no iharan'ny vonodina.

And.66 Araka ny voalazan'ny Didim-pitondrana laharana faha- 003-REG/VAK/ tamin'ny mikasika ny fitrandrahana ny hazo eto amin'ny Faritra Vakinankaratra, ny mpitrandraka sy ny mpandraharaha momba ny vokatry ny hazo dia tsy maintsy manana programa fambolen-kazo sy manatanteraka izany fambolen-kazo izany. Ankoatry ny fampiharana ny fepetra voalazan'io didim-pitondrana io dia iharan'ny vonodina ny fandikana ity fepetra ity.

TOKO VII : NY AMIN'NY VONODINA

And.67- Ferana ho toy izao manaraka izao ny vonodina :

Fanondroana ireo tsy fanarahana ny dina	Vonodina	Fitsinjaràna ny vonodina		
		Niaram-pahavoazana	Fokontany (85%)	Komitin'ny Dina(15%)
Mikasika ny fandriam-pahalemana an-kapobeny				
1. Tsy fisoratana ao amin'ny regisitra fanisana ao amin'ny fokontany…….	2 000		1 700	300
2. Tsy fanaovana fanambaràna zaza teraka anatin'ny 12 andro voalazan'ny lalàna……	3 000		2 550	450
3. Tsy fanaovana fanambarana raha hifindra monina	2 000		1 700	300
4. Tsy fanaovana fanambarana raha tonga hiorim-ponenana……..	2 000		1 700	300
5. Tsy fananana karampanondrom-pirenena……	3 000		2 550	450
6. Tsy fanaovana fanambarana sy tsy fanoratana ny vahiny ao amin'ny bokim-bahiny……	5 000		4 250	750
7. Tsy fananana pasipaoro……..	5 000		4 250	750
8. ny fitanana sy/na fitondrana basy tsy nahazoana alàlana……	100 000		85 000	15 000
9. ny mitondra fiaidina na zava-maranitra toy ny lefona, ny antsy maranitra raha mamakivaky tanan-dehibe, ny tsena sy ny havoriam-bahoaka……..	20 000		17 000	3 000
10. Ady saritaka sy tabataba eny an-tsena sy lalana falehan'ny be sy ny maro sy tabataba tsy nahazoan-dalana amin'ny alina……..	10 000		8 500	1 500
11. fivarotana zava-pisotro misy alikaola eny ankalamanjana na tsy nahazoan-dalàna sy mihoatra ny ora voatondro……	10 000		8 500	1 500
12. Mamo eny an-kalamanjana na an-karihary ka manakorotana ny filaminam-bahoaka…….	10 000		8 500	1 500
13. Ny mivarotra sy midoroka zava-mahadomelina …	20 000		17 000	3 000
14. Ny mivarotra toaka voarara…….	10 000		8 500	1 500
15. Fanimbazimbana fasana na toerana filevenana sy ny faniratsirana atao amin'ny fahatsiarovana ny maty.....	30 000		25 500	4 500
16. Fangalarana taolam-paty…….	100 000	50 000	42 500	7 500
17. Tsy fananana karam-pamokarana……	2 000		1 700	300
18. Fanapotehina ny voly sy ny vokatra am-potony…	15 000	10 000	4 250	750
19. Hala-botry sy ny halatra rehetra na inona izany na	20 000	10 000	8 500	1 500

inona……				
20. Fanimbana n any fanapotehina paompy, fatsakana, toho-drano,tari-dranom-pambolena,fefiloha,toerana fanasana lamba, sekoly, tranom-panjakana na an'olona tsotra,taozava-boakaly an'ny fanjakana na fanasoavam-bahoaka……	20 000	10 000	8 500	1 500
21. Famelana ny biby hirenireny sy ny fiambenana azy manaraka ny lakan-drano……	10 000		8 500	1 500
22. Fananganana toeram-pitobiana tsy nahazo alàlana…	10 000		8 500	1 500
23. Tsy fanaovana fanambarana ny fety, lanonana nentim-paharazana ary ny fihetsiketsehana samy hafa…..	1 000		850	150
24. Fandikana ny rija teny nataon'ny kaominina andrindrana ny tsena isan-kerinandro…….	10 000		8 500	1 500
25. Faniratsirana mivantana sy an-karihary ny mpitondra……	20 000		17 000	3 000
Momba ny halatr'omby				
26. Tsy fanoratana ny omby ao amin'ny bokin'omby	10 000		8 500	1 500
27. Tsy fanaovana vaksinin'omby (isan'omby)……	2 000		1 700	300
28. Bokin'omby tsy voaova araka ny zava-miseho	5 000		4 250	750
29. Fifamoivoizan'ny omby tsy voalaza any amin'ny manampahefana tompon'andraikitra……	20 000		17 000	3 000
30. Fifamoivoizan'ny omby mandritra ny alina……	20 000		17 000	3 000
31. Fifamoivoizan'ny omby tsy nahazoana alalana na pasipaoro……	10 000		8 500	1 500
32. Tsy fampandrenesana ny Fokontany ny fampandriana andian'omby na ombim-barotra eo amin'ny toerana iray (isan'omby)……	5 000		4 250	750
33. Fivarotana ny andian'omby ivelan'ny tsena arahi-maso…….	20 000		17 000	3 000
34. Tsy fanajana ny toerana voatokana hamatrarana omby(dina isa'omby)……	10 000		8 500	1 500
35. Fivarotana tsy nahazoana alàlana na an-tsokosoko ny ombivavy, ny zanak'omby tsy natao ho vonoina……	10 000		8 500	1 500
36. Tsy fandraisana anjara amin'ny famafana sy amin'ny fanarahi-maso amin'ny kizo ary amin'ny fiambenana tsy akiato ny tanana nefa tsy misy antony mazava tsara……	5 000		4 250	750
37. Tsy fampitana ny antso fanairana……	10 000		8 500	1 500
38. Tsy fandraisana anjara amin'ny fanarahan-dia ny mpangalatra nefa tsy misy antony mazava tsara……	5 000		4 250	750
39. Tsy fanatanterahana ny tahirim-bary ho an'ny fanarahan-dia na ny tahirim-bary ho an'ny fandriam-pahalemana……	5 000		4 250	750
40. Fanimbana na fangalarana ny zavatr'olona mandritra ny fanarahan-dia ny mpangalatra……	10 000	3 000	6 050	950
41. Halatr'omby …….	100 000	50 000	42 500	7 500
42. Firaisana tetika amin'ny mpangalatr'omby……	100 000	50 000	42 500	7 500
Fahadiovan'ny tanàna sy ny fahasalamam-bahoaka				

43. Tsy fanajana fepetra mikasika ny fanahadiovana sy ara-pahasalamana ao an-trano sy toeram-piompiana sy izay miankina amin'ny lalana sy ny tatatra……	5 000		4 250	750
44. Tsy fanaovana fanambarana ny trano tsy ara-pahasalamana…….	5 000		4 250	750
45. Fanariana foana ny loto sy ny diky ary fatim-biby…	5 000		4 250	750
46. Tsy fananana lava-piringa sy lava-pako……	5 000		4 250	750
47. Fandotoana rano……	10 000		8 500	1 500
48. Tsy fanaovana fanambarana ny aretina mampiahiahy……	10 000		8 500	1 500
49. Tsy fanaovana fanambarana ny fahafatesana noho ny areti-mifindra……	10 000		8 500	1 500
50. Tsy fanaovana aro voalavo any amin'ireo kaominina andraisana izany fepetra izany……	2 000		1 700	300
51. Famadihana razana matin'ny pesta alohan'ny fe-taona voafetra……	30 000		25 500	4 500
52. Tsy fampiasàna vatafitaratraa amin'ny fivarotana hani-masaka……	10 000		8 500	1 500
53. Tsy fametrahana rano sy savony hanasa-tanana any amin'ireo trano fisakafoanana……	5 000		4 250	750
54. Toeram-pisakafoanana tsy misy lava-piringa……	10 000		8 500	1 500
55. Fampiasana rano hafa ivelan'ny rano fisotro madio efa misy eo an-tsena……	5 000		4 250	750
56. Fivarotana hena efa samba na misy voavary……	10 000		8 500	1 500
57. Mamono omby na kisoa ivelan'ny toerana voatondro hanaovana izany……	20 000		17 000	3 000
<u>Mikasika ny asam-pokonolona</u>				
58. Tsy fananana karinen'asam-pokonolona……	2 000		1 700	300
59. Tsy fandraisana anjara amin'ny asam-pokonolona……	5 000		4 250	750
60. Fanetsenana ny vavarano fitsinjarana ny tari-dranom-pambolena nefa tsy misy fahazoan-dalana na manatsaka fefiloha na tahalaka miaro ny lakan-drano…	10 000		8 500	1 500
61. Tsy fanajàna ny hidin-dàlana amin'ny orana……	20 000		17 00	3 000
62. Tsy famonjena fivoriam-bem-pokonolona…….	5 000		4 250	750
<u>Momba ny fiarovana ny tontolo iainana</u>				
63. Doro-tanety, fandoran-javatra……	20 000		17 000	3000
64. Tsy fikarakarana ny fefy hazo……	5 000		4 250	750
65. Tsy famonjena dorotanety……	5 000		4 250	750
66. Fikapana hazompokonolona tsy nahazoana alalana (vonodina isam-potony)……	5 000		4 250	750
67. Tsy fananana sy/na tsy fanatanterahana programa fambolen-kazo ho an'ireo mpandraharaha momba ny hazo……	50 000		42 500	7 500